« Marathon International de Tana »-Andiany Faha 15

# Hanaovana asa soa ny ampahany amin'ny fandraisana anjara

Araka ny fanazavana nataon-dRtoa Ratsirahonana Mercédès, dia tapa-kevitra indray ny World Trade Center sy ny Federasionina Malagasy amin'ny Atletisma, izay hiara-kiasa amin'ny minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena - minisiteran'ny Tontolo iainana sy ny Ekolojia ary ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, fa hikarakara ny andiany faha-15 amin'ny « Marathon International de Tana » amin'ny sabotsy 10 sy ny alahady 11 oktobra 2015. Ankoatra ny marathon (42,195 Km ; fe-potoana ihazakazahana : 5 ora 40 mn), dia hisy ihany koa ny fifaninanana amin'ny « Foulees Ecologie, nasolo ny « Foulées de Tana » tamin'ny 2014 (10 km / 1 ora 35 mn) ; Handirun (10 km ; 1 ora 35 mn) ; Maratoons (1,5 km) ». Hiahy ny fifaninanana ny Filohampirenena Hery Rajaonari-



Ireo tomponandraikitra manazava ny fizotran'ny fifaninanana. (Sary : a.r)

mampianina mivady. Ny 20 % amin'ny vola azo amin'ny saran'ny fisoratana anarana dia hanaovana asa soa, hatolotra ny fikambanana AKAMASOA, tantanin'ny Mopera Pedro Opeka eny Andralanitra. Tsy hiala maina ihany koa ny atleta fa hahazo vidin-katsembohana sy amboara ary medaly. Voalaza fa 15.000 Ariary isaky ny atleta ny saran'ny fandraisana anjara, ary 200 Ariary kosa no haloan'ny atleta manan-kilema. Ny alahady 11 oktobra 2015, hanaovana ny fifaninanana, dia voakilasy ho Andro Maitso (Journée Verte), hanentanana ny olona hikajy sy hiaro ny tontolo iainana, izay efa manomboka ho simba noho ny anton-javatra maro. Araka izany dia iantefan'ny fanentanana voalohany indrindra ny manana fiarakodia, mamoaka setroka, tsy hivezivezy eny amin'ny arabe andalovan'ny mpihazakazaka. Ny làlana andehanan'ny mpifaninana dia toy ny tamin'ny taona 1997, nanaovana ny lalao frankôfônia teto amintsika, izay nahazo fankatoavana tamin' ny federasionina iraisampirenena (IAAF). Nomarihan' ny Filohan'ny federasionina, Rtoa Norolalao Andriamahazo Ramanantsoa, fa efa maro ny atleta avy any ivelany no milaza ny handray anjara amin'ity M.I.T ity. Hentitra ny fisahanana ny filaminana satria nampitomboina avo roa heny ny mpitandro filaminana misahana ny fivezivezen'ny fiarakodia. Eny amin' ny tokotaniben'ny Lapan'ny Tanana Analakely no hiaingana sy hitodian'ny mpihazakazaka. Afaka miserasera amin'ny 032 07 846 31, izay liana amin'ny M.I.T.

aris rafaly